# Vakiteny sy Soratra

2



# Vakiteny sy Soratra

## 2

ALEFA Menabe
ONG

LOUVAIN COOPERATION

## fianarana



# nd

Mandao tanàna noho ny dahalo ny fokonolona.

| ma | nd | ao |
|---|---|---|

nd nda nde ndo ndi ndy

Ando, endy, mandeha, mandany, mendo,
mandoto, minday, mandihy, monad

Mandao Tanana noho ny fanafihan'ny Dahalo ny mponina.
Mandany harena ny asan-dahalo.





## fanazarana

### Vakiteny

Mandady any anaty ala ny vahoaka amin'ny alina; mandeha miala tanàna raha vao takariva. Miaina ny hamandoana, ny hatsiaka sy ny aizina any.
Ny vatan-dehilahy no mitarika ny andiany, mialoha ny zaza amam-behivavy, manday kobay sy izay fitaovana azo hiarovan-tena. Tsy mandany fotoana ela fa rehefa mahita hiafenana dia mandohalika eo, tsy mandio akory, sao misy mahare.
Miondana nono, tsy avela hitomany ny zazakely sao henon'ireo dahalo mpanendaka sy mpanafika tanàna, ka ho loza.
Mandeha, mijery ny tanàna kosa ireo vatan-dehilahy tanora, manao andiany maromaro, miambina sy manara-maso avy eny amoron'ala.

### Fanadihadiana lahatsoratra

### Dikasoratra

Andeha handamina ny fiarahamonina isika.
Samia mandinika fa mandalo ny fiainana ka ilaina ny firaisan-kina.

### Soratononina

Andao hifanohana: ialao ny torolalana sandoka.
Andeha handala ny filaminana sy fahamarinana isika ka ny lalana ho any amin'ny fandrosoana no hiarahana mitady.

# fianarana



## nt

Manentana ny mponina ny mpanao vakisiny.

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| ma | ne | nt | a | na |

nt nta nte nto nti nty

manta, ento, entana, fintina, manantena,
tantely, ventiny, mihantona, mihanta

Miantoka ny fahasalaman'ny zaza ny fanaovana vakisiny azy.





# fanazarana

### Vakiteny

Antanamakoa no nanaovana ny fanentanana; nanolo-tena hanentana ireo vehivavy namany ao an-tanana I Hanta. Notantarainy fa miaro ny zaza amin'ny aretina maro ny vakisiny. Noho izany dia azo lazaina fa miantoka ny fahasalaman'ny zaza ny fanatanterahana azy.

Ho an'ireo namana matoritory dia nanaitra azy ireo hisintona lesona amin'ny dinidinika natao teo ramatoa Hanta, ka afaka manontany izay tsy mahazo: fantaro, hoy izy, ny antony ilaina ny fahavitan'ny vakisiny; ary dia mahaiza mizara amin'ny hafa, mamintina ny fanazavana raha azo atao ho an'ireo mbola misalasala. Tsara raha mahay misintona lesona amin'ny fivoriana isika tsirairay.

### Fanadihadiana lahatsoratra

### Dikasoratra

Anterina hatrany fa ny zaza vita vakisiny dia voaaro ara-pahasalamana.
Mitantana an'I Lanto ho eny amin'ny tobim-pahasalamana I Tantely.

### Soratononina

Maro ireo olona nanontany manokana an'I Hanta taorian'ny fanentanana. Nitantara ny zava-miseho rehetra tao amin'ny fivoriana I Nantenaina : tsy nisy raraka izay voalaza tao fa voafintiny.



# nj

Nandeha nanjono i Milanja.

| | | | |
|---|---|---|---|
| na | nj | o | no |

nj nja nje njo nji njy

injao, vonjeo, manjohy, manjary, Vonjy,
mijinja, Njiva, manjono, lanjalanjaina

Manja, tsara tarehy ny zokin'i Vonjy.
Manjohy ny rainy eny an-panjonoana I Njiva kely.





## Vakiteny

Mahavelona toy ny asa hafa koa ny asa fanjonoana. Maro ireo Malagasy manao azy io ho anto-pivelomana, milanja harato vao maraina manatona ny moron-tsiraka. Misy koa ireo mitsinjo ny lakana dia mitsena ny mpanarato hividy ambongadiny mba hitady tombony kely eny an-tsena. Ireo vehivavy vadin'ny mpanjono amin'izany mitsena ny vadiny ihany koa, mamonjy ny lakana ka maka ny anjara laoka ho enti-mody na koa manampy ny vadiny tonga eny an-tsena.

## Fanadihadiana lahatsoratra

## Dikasoratra

Enjehina ireo olona manjono amin'ny fe-potoana ikatonan'ny fanjonoana.
Manjary sy tsara ireo trondro rehefa miverina mivoha indray ny fe-potoana fanjonoana.

## Soratononina

Anjakan'ny voly avotra ny tanim-bary rahefa vita ny fijinjana vary.
Samy mahazo ny anjarany na ny mpihinam-bary na ny biby mpihinam-bilona.



# ng

Mangorona fitaovana ny mpianatra.

| ma | ng | orona |
|---|---|---|

ng nga nge ngo ngi ngy

danga, ngeza, angovo, mangina, angivy,
mangorona, haingana, mangala, mangitsy

Miangoty amin'ny zokiny i Miangaly ka tsy mety mangorona ny fitaovam-pianarany.





## Vakiteny

Angonina haingana ny fitaovana rehefa maneno ny lakolosy fa maika hody amin'izay ireo ankizy. Mandingana saha maro sy rano izy ireo vao tonga any aminy.

Sangisangy sy hirahira ary kilalao no analan'izy ireo ny lalana lava; tsy hita firy ny halavirana amin'izay. I Voahangy no tena miresaka manary dia ireo namany.

Mangina ireo zazakely, noana ka manaraka ireo lehibe avy ao aoriana fotsiny. Mangorona valala I Bema na dia efa somary reraka koa. Haingana, hoy ireo lehibebe fa efa akaiky ny tanàna.

## Fanadihadiana lahatsoratra

## Dikasoratra

Mitaky fahazotoana ny fandehanana an-tsekoly any Angoavy : sady mitety ala no mamakivaky lohasaha sy havoana. Atao haingana dia haingana koa ny dia amin'izany fa mangina ny lalana aleha.

## Soratononina

Mitangorona ireo ankizy miray tanàna amin'ny hariva ka tsy mifandao fa mizotra miaraka, mamindra haingana. Mangina ny lalana, ny feon'ny vorona no sisa heno.




# nk

Manana zo hianatra ny ankizy.

| a | nk | i | zy |
|---|---|---|---|

nk nka nke nko nki nky

manko, mankeny, tankina, mankany, banky,
Ankilizato, ankeniheny, ankosoka, ankolaka

Mandala ny fankatoavana ray aman-dreny ny Malagasy.
Mankeny an-tsekoly ny mpianatra isa-maraina.





### Vakiteny

Misy zo maromaro tokony harovana ny zaza. Zon'ny ankizy ny hianatra, hilalao, hihinana sy hitafy ary hotaizaina.
Mankalaza ny andro iraisam-pirenena ahatsiarovana io zon'ny ankizy io isika eto Madagasikara, satria mankato izany.
Mankahery an'ireo fikambanana isan-tokony izay miaro izany zon'ny zaza izany koa ireo firenena maro.
Misy ihany ireo tsy mbola mahay an'izany ka tsy mijery izay azo atao sy tsy azo atao: misy ireo ray aman-dreny mbola tsy mandefa ny zanany hianatra fa sahirana araka ny filazany; kanefa ny ankabeazan'ny olona efa manaraka.

### Fanadihadiana lahatsoratra

### Dikasoratra

Ankinina amin'ny Nahary ny fiainan'ny ankizy.
Amin'ny ankapobeny dia nankeny andafin'ny rano ireo ankizy lehibebe hianatra fa ireo garabola ihany no mijanona eto.

### Soratononina

Tsy tena volafotsy ity fa ankosoka ka izay no anaovan'ny ankizy azy.
Tankina tsy nahateny ilay nikasa hivarotra nony nahare izany.



mp

Mampitombo ny vokatra ny fampiasana zezika.

| | | | |
|---|---|---|---|
| ma | mp | i | tombo |

mp mpa mpe mpo mpi mpy

ompa, mponina, lempona, ompiana, ampy,
mampinono, mampiasa, mpiompy, tampina

Amporisihina ny tantsaha hampiasa zezika.





## Vakiteny

Mpiompy sy mpamboly ny ankamaroan'ny olona monina eny ambanivohitra. Raha natao araka ny nahazatra izy ireo teo aloha, ankehitriny kosa dia miezaka ny olona : manao fiompiana manaraka ny fanao ankehitriny; mampiasa zezika amin'ny zavatra voleny.

Maro amin'ny mponina ambanivohitra ankehitriny no maka toro marika mampiasa izay hahatsaratsara kokoa ny fihariany na voly io na fiompiana.

Misy ireo mahavatra manovaova ny voly eny an-tsaha mba hahazoan'ny nofon-tany aina, hanome mihoatra ny novokarina teo aloha hatrany, hihatsaran'ny fiainan'ny mpianakavy.

Misy olana hafa izay entin'ny ratsy saina koa anefa : maka ny vokatra eny an-tsaha ireo mpijirika ka very fanahy ireo mpamboly.

## Fanadihadiana lahatsoratra

## Dikasoratra

Ny fahazotoan'ny mpamokatra dia mety hahazoany famokarana miavosa, mihoatra noho ny nantenainy.
Marisika koa ny olona amin'ny fiompiana trondro ankehitriny: manatsara ny tanimbary hono izany.

## Soratononina

Tampina ny lakan-drano ka mifanampy ny mpiray
Tanana hanadio izany mba hampikoriana tsara ny rano.



# mb

Mamboly anana io fikambanana io.

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| fi | ka | mb | a | na | na |

mb mba mbe mbo mbi mby

magnomba, kambana, manboly, ambioka, tamby,
tambavy, tamboho, ambinina, miamby

Mitombina eo an-tokonana I nenibe.
Manangona ambioka hambolena manaraka ny mpamboly.





## Vakiteny

Nanangona masomboly anana samihafa ireo fikambanana ao an-tanàna. Tena mahavonjy ny manao voly anana fa sady sakafo no vola malaky. Miloloha fehezany maromaro mankeny an-tsena dia efa vita ny savony kely sy afokasoka mbamin'ny labozia.
Misy tena ambinina ka mahazo betsaka, tsy lany eo an-toerana; mitady lalana hivarotana izany eny amin'ny toerana bebe mponina lavidavitra izay nahazo ny miavosa tahaka izany
Ny anana moa voly tsy dia manahirana fa rehefa voaketsa dia arahi-maso so samba amin'ny masoandro.
Fanambin'ny mpikambana maro amin'ny manaraka ny hanao misimisy.

## Fanadihadiana lahatsoratra

## Dikasoratra

Amporisihina ny olona ao an-tanàna mba hamboly anana sy voatabia hahafahana mifehy ny fanjarian-tsakafo. Tsara hambolena koa koa ireo hanin-kotrana isankarazany ho fanampin-tsakafo mahavelona.

## Soratononina

Miara-miasa manambatra hery ny Fokonolona matetika rehefa lehibe ny toerana ho volena.
Ampianaro mamboly ny zaza mba ho tia fambolena.



# dr

Miresadresaka ny fiompiana tantely izy ireo.

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| mi | re | sa | dre | sa | ka |

dr dra dre dro dri dry

drala, drofoty, drodroky, midrikina, gidro,
gidragidra, midridroka, dradraina, reradreraky

Midridroka mafy io varavarana io ka tokony hasiana menaka.





## Vakiteny

Efa maro ireo teknisiana momba ny fiompiana tantely ankehitriny no miresadresaka manampy ireo fikambanana maniry hirotsaka amin'izany karazam-piompiana izany. Mahavita mitety tanàna izy ireny, mitondra ireo fitaovana ilaina amin'izany sy manazava ny asany. Mampitandrina ihany ry zareo fa gidragidra hono ny kaikerin'ny tantely, ary misy olona tena sarotiny.
Azo amboarina koa io kesika io, saingy misy refy tokony harahina, ary vonona ny hanoro koa ry zareo.

## Fanadihadiana lahatsoratra

## Dikasoratra

Misy olona tena manavy sy reradreraka raha voakaikitry ny tantely, ary mila fitsaboana vao sitrana.

## Soratononina

Ampahafantaro, dradradradrao ombieny ombieny fa mahasoa ny tantely. Aza dia atao drindran'ny ngilo anefa ny fakana ny maminy fa mba ampanarahina fe-potoana.



# tr

Mianatra lesona i Bozy.

| mi | a | na | tra |
|---|---|---|---|

tr tra tre tro tri try

antra, mitrena, matroka, atrika, mietry, mitroatra, trozona, mitriatra, satry

Mpianatra mazoto i Setra.
Mivarotra vokatra ny ray aman-dreny hividianana fitaovam-pianarana.





### Vakiteny

Anisan'ireo tanora vitsy mbola mifikitra mafy sy mikokotra amin'ny fianarana i Bary. Mianatra lesona hatrany izy raha vao manana fotoana malalaka, tsy mahafoy na dia ny hiresa-drehana fotsiny.

Mahafinaritra ny mahita tanora mazoto mianatra manomana ny ho aviny toy an'i Bary izao. Fotoana maharitra no laniana hianarana ka raha tsy manana fahavitrihana sy fitozoana amy izay atao dia ho kivy ambony ihany.

Mipetraka tsy lavitra loatra ny renivohitra ny fianakavian'I Bary ka rehefa lany vatsy izy dia midina maka eny amin'ny ray aman-dreniny.

Mitondra enta- mavesatra izy matetika rehefa miverina ma-monjy ny fianarany satria mitondra vatsy misimisy mba tsy hidina matetika loatra.

### Fanadihadiana lahatsoratra

### Dikasoratra

Tretrika ny ray aman-dreny manana zanaka hendry, mora toroana sy tsy taitran'ny haitraitra isan-karazany fa milofo amin'ny fianarany.
Tratra alina ny mpamonjy lanonana ka nanao diabe niara-nody fa tsy nisaratsaraka.

### Soratononina

Fiaraha-miasa matotra sy maharitra no nifaneken'ny tanora mpanao fanatanjahan-tena roa tonta hajoro manomboka izao.



# ts

Mety tsara ny manao sompitra iombonana.

| tsa | ra |
|---|---|

ts tsa tse tso tsi tsyry

ontsa, antso, atselike, tsiriry, mitsitsy
mitsangana, intsony, mitsetsitra, matsilo

Tsitsiana ny sakafo mandritra ny fahavaratra.





## Vakiteny

Toerana mamokatra Antsoha ary ny mponina ao rahateo mazoto miasa. Nifanaraka fa hanao sompitra iombonana ireo mpamboly mipetraka ao.

Ao no hatoby ny vokatra ary amboarina ny fifanarahana hahafantarana ny rehetra ny fepetra hidirana ho mpikambana, ho faritana ohatra ny latsak'emboka.

Hitondra vokatsoa ho azy ireo ny fisian'izany sompitra izany; nefa koa miankina amin'ny fahatsiarovantenan'ny tsirairay no hampandeha tsara izany. Tokony hahazaka tsikera ireo mpikambana mba hahafahana manatsara hatrany ny zava-misy.

## Fanadihadiana lahatsoratra

## Dikasoratra

Amin'ny zavatra iombonana dia mila atsahatra ny fitia-van-tena fa tsinjovina hatrany ny tombontsoa iraisana.

## Soratononina

Sady vatsy no vokatra ho an'ny tsirairay ny sompitra tsara tantana. Any ambanivohitra, tsato-kazo nofefena tsihy no atao sompitra ary isaky ny fianakaviana no manana ny azy.



# ndr

Zagnahary tsy mitahy mandry.

| ma | ndr | y |
|---|---|---|

ndr ndra ndro ndri ndre ndry

andry, mandre, avandra, trondro, handrina,
tondro, sandry, rendrika, indrindra, mivandravandra

I Narindra kely no mandroaka ny vorona eny an-tanimbary amy marainandro.





### Vakiteny

Raha te handroso dia mila mamokatra hatrany. Eto amintsika dia mbola maro ny seha-pamokarana azo trandrahina ; koa fandrindrana famokarana maharitra no tokony hatao. Seha-pamokarana mitondra soa ho an'ny olona koa ny varotra raha voafehy tsara ; na inona na inona famokarana tiana hatao dia tsara hotandrovina hatrany ny filaminana ; arindra mba handraisan'ny rehetra andraikitra ny asa iombonana.
Arindra hifanaraka amin'ny fiarovana ny tontolo iainana izay famokarana kasaina hatao.

### Fanadihadiana lahatsoratra

### Dikasoratra

Afaka mamokatraa ny olona raha manjaka ny fandriam-pahalemana.
Mamokatra ny tany ety raha mazoto hiasa avo roa heny ny mpamboly, indrindra ireo mbola tanora vory nofo.

### Soratononina

Mahay mandresy ny sarotra ny vahoaka kanefa tsy afaka miaro tena izy ireo manoloana ny fanafihan-jiolahy. Manana fitaovana raitra sy avo lenta ireo jiolahy ka tsy laitra ny mifanandrina aminy.



# ntr

Mahantra be fiantrana.

| maha | ntr | a |
|---|---|---|

ntr ntra ntre ntro ntri ntry

antra, kentrona, fiantrana, kentrina,
miantrano, fahantrana, miantraika

Mampiantrano ireo traboina Rasoa na dia mahantra ihany koa aza.
Antra olona sy tsara fo izy.





## Vakiteny

Nirotsaka tsy an-kiato ny orana tato anatin'ny andro vitsivitsy ka sahirana ireo osaosa fivelomana, mahantra mikaroka izay ho hanina isanandro.
Miantraika mivantana amin'izy ireny ny olana ateraky ny andro ratsy; izay antra azy ireo no manolotra izay voatsirambin'ny tanana, fa raha ny hitady karama dia sarotra rehefa toy izao ny toetrandro.
Mila ampiantranoina amin'ny toerana manokana izy ireny satria na izay toerana maina mba hialany sasatra aza tsy misy. Sarotra ho an'ireny sokajin'olona ireny ny fotoampahavaratra, ketraka izy ireo manoloana ny zava-misy, tsy azony anoharana.

## Fanadihadiana lahatsoratra

## Dikasoratra

Tsy kentrina akory ny tsy manana ka aza latsaina na esoina. Ny rafitra anjakan'ny kiantrano antrano no miteraka tsy fitoviana sy fahantrana lalina eo amin'ny vahoaka sasany.

## Soratononina

Tsara ny miantra olona fa saingy mbola tsara kokoa ny mampandray andraikitra azy, mampianatra azy hihary.
Tsy ho very maina ny ezaka anampiana ny mpiara-belona fa hitondra tombontsoa ho azy.



# nts

Antsoina hivory ny fokonolona.

| a | ntso | i | na |
|---|---|---|---|

nts nta ntse ntso ntsi ntsy

antsa, miantso, miantsena, Antsiararaky, antsy, antsangory, antsoro, antsipiriany, mantsy

Tsy maintsy manatrika fivoriana ny mponina rehefa miantso ny mpanentana.
Ary tsy maintsy mitondra kara-panondro ny mpivory.





## Vakiteny

Eny an-tsena na amin'ireo toerana malalaka hafa toy ny vody kily no fivorian'ny Fokonolona any ambanivohitra.
Rehefa misy hafatra na teny midina tiana ho fantatry ny ambanilanitra dia miantso na mampiantso fivoriana ny tompon'andraikitra eo an-toerana.
Atao fantatry ny rehetra izany fa tsy azo atao antsokosoko na atokana ho an'ny sokajin'olona manokana; mandre ny hafatra avokoa ny vahoaka tsivakivolo.
Saingy amin'ny toerana sasany indrisy dia mbola voailika na manilika ny tenany ny vehivavy sasany, mihevitra fa raharahan-dehilahy ny fivoriana.

## Fanadihadiana lahatsoratra

## Dikasoratra

Mahalala tsara ny maha-zava-dehibe ny fivoriana ireo mponina ka tsy sarotra antsoina.
Mitondra soa ho an'ny Fokonolona ny dinika atao amin'ny fivoriana matetika.

## Soratononina

Tsy ekena intsony ny tsy fahatongavana hivory, na inona antony.
Ny tena olom-pirenena dia tsy maintsy mandray andraikitra, mamita ny adidy.

Vakiteny

Tsy azo atao ambanin-draha gny tany laha te ho velo voho finaritsy. Fa nahatakatsy an'izay ireo razambe teo aloha. Izay tany fa mainty molaly dia azy sy lovan'ny taranany, nohajariany ho tanimboly sy tanimbary mahavokatsy. Laha miakatsy gny vokatsy, vory gny aomby, aondry voho gn'akoho amam-boro.

Lafa haintsika olombelo gny mikarakara gny tany, maro gny vokatsoa azo aminy. Ny fahavokarany ro antoky gny aintsika. Laha mazoto miasa gny tany tsika, mamalibaliky azy, magnisy zeziky azy, vokatsy maro gny ho azo aminy. Laha vitantsika gny mikolokolo gny tany, hitobaky gny vokatsy, tsy hisy gny mosary.





Vakiteny

Manangana trano fianarana ny Tanana kely iray atao hoe Tanambao. Nivory ny fokonolona ka nanapakevitra amin'ny tokony ho fandraisana anjaran'izy ireo amin'izany fananganana trano sekoly izany. Rehefa niady hevitra ela izy ireo dia samy nanaiky fa ny vato, ny fasika ary ny rano no ho anjara birikin'izy ireo amin'izany asa iombonana izany.

Samy nazoto hanatanteraka izany izay tonga nivory tao satria samy nahatsapa fa ny fianarana no mampandroso ary zon'ny zaza ny mianatra. Maro amin'ny mponin'ity Tanana ity moa no tsy mba nandeha an-tsekoly ka tsy mahay mamaky teny sy manoratra. Noho izany dia zava-dehibe ho azy ireo ny hahafahan'ny zanany mianatra.

## Soratononina

Mihasarotra ny fihariana amin'izao fotoana izao satria tsy milamina ny tany. Manahirana ny mitondra vokatra eny an-tsena raha tsy misy namana maromaro hiarahana. Sady tsy afaka miainga maraina be no tsy sahy mody amin'ny harivariva mody masoandro.

Amin'ny famokarana koa dia mbola olana iray manokana satria mila ambenana ny vary rehefa matoy, indrindra rehefa amin'ny faramparanay mba tsy ho jinjain'ny mpangalatra amin'ny alina. Raha tsy sahy hiambina azy moa dia voatery Alaina mialoha ny vokatra na dia mamono antoka ihany izany.

Saika amin'ny famokarana rehetra aza no isehoan'izany fa tsy amin'ny vary ihany. Mampalahelo fa misy olona sasany dia sahy maka ny zavatra tsy nisasarany.



fanazarana

## Soratononina

Maro ireo karazana sakafo hita aty amin'ny faritra : ankoatry ny vary izay foto-tsakafontsika Malagasy dia ao koa ireo bele, ireo tsako, ireo balahazo, ireo saonjo; azo asolo ny vary ireo ary amin'ny fotoana mahasarotra ny vary dia misy ny fianakaviana mampiasa an'ireo.

Misy koa ireo voamaina isankarazany izay azo atao laoka ary hita betsaka amin'ity faritra misy antsika ity: ao ny kabaro, ny tsaramaso, ny antsoroky, ny tsiasisa, ny lojy ary ny voanjobory.

Ny ala koa dia mbola manampy antsika olombelona aty amin'ny faritra amin'ny alalan'ireo vokatra samihafa, toy oviala, ny sosa sy ny sisa.

Samy manana ny mampiavaka azy ny faritra tsirairay eto Madagasikara. Koa mety misy zavatra hita any amin'ny faritra hafa koa fa tsy misy eto amintsika.

Ity boky natokana ho an'ny fampianarana olobe ity dia vokatry ny fiaraha-miasan'ny ONG Louvain Coopération sy ny ONG ALEFA Menabe.

Ce livret consacré à l'alphabétisation fonctionnelle est l'aboutissement d'un travail collaboratif entre l'ONG belge Louvain Coopération et l'ONG malgache ALEFA Menabe.

ALEFA Menabe ONG

LOUVAIN COOPERATION

Avec le soutien de
LA COOPÉRATION
BELGE AU DÉVELOPPEMENT .be

Editeurs responsables : Louvain Coopération - ONG ALEFA Menabe - Villà Tsialonina, Ambalanomby, Morondava 619, MADAGASCAR - alefa.menabe@gmail.com - Réalisation : www.afd.be